GAZETIM PANJAKAN' NY REPOBLIKA MALAGASY
23 mars 1974
Pages 862-863

Didim-panjakana laharana faha-74-078 mametra fitsipika momba ny fanondranana ny vokatra azo avy amin'ny ala.

Ny *Général de division* Gabriel Ramanantsoa, Lehiben'ny Governemanta,

Araka ny lalàm-panorenana tamin'ny 7 novambra 1972,

Araka ny didim-panjakana tamin'ny 25 janoary 1930 andaminana indray ny fitsipika mifehy ny ala eto Madagasikara, miaraka aminy ireo rijan-teny novana azy taty aoriana,

Araka ny didim-pitondrana tamin'ny 17 novambra 1930 manoritra ny fampiharana ny didim-panjakana tamin'ny 23 janoary 1930, miaraka aminy ny rijan-teny natao momba azy taty aoriana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-60-084 tamin'ny 18 aogositra 1960 anaovana ny Fehezan-dalàna momba ny fadin-tseranana, miaraka aminy ireo rijan-teny nanova na nampihatra azy natao taty aoriana,

Araka ny laharana faha-63-015 tamin'ny 15 jolay 1963 anaovana ny fepetra ankapobe momba ny fitantanam-bolam-panjakana, miraka aminy ireo rijan-teny nanova na nampihatra azy natao taty aoriana,

Araka ny hitsivolana laharana faha-9 tamin'ny 22 febroary 1974 mandraikitra saram-panondranana ny vokatry ny ala,

Eo am-pivorian' ny Ministra,

Dia mamoaka izao didy izao:

Andininy voalohany. - Izay vokatra rehetra azo avy amin'ny ala ka aondrana dia tsy maintsy anaovan'ny mpanondrana fangatahana avantany any amin'ny Foibem-pikarakarana ny rano sy ala ary ny fiarovana ny nofon-tany, ka lazaina mazava amin'izany:

- ny fihavian'ny vokatra;
- ny habetsahan'ny vokatra aondrana sy ny karazany;
- ny anaran'ireo fanafody natao tamin'ny vokatry ny ala aondrana mba hiarovana azy sy ny habetsahany;
- ny seranana ialany avy eto Madagasikara;
- ny tany hivantanan'ny vokatra.

And. 2. - Ny Foibem-pikarakarana ny rano sy ala ary ny fikajiana ny nofon-tany, rahefa nanao famotorana, no mandefa ny fangatahana, miaraka amin'ny fanamarianana ny fihavian'ny vokatra azo avy amin'ny ala, any amin'ny Foibem-pikarakarana ny varotra

Décret n° 74-078 portant réglementation de l'exportation de produits forestiers

Le Général de division Gabriel Ramanantsoa, Chef du Gouvernement,

Vu la loi constitutionnelle du 7 novembre 1972,

Vu le décret du 25 janvier 1930 réorganisant le régime forestier à Madagascar, ensemble ses textes de modifications subséquents,

Vu l'arrêté du 17 novembre 1930 réglant l'application du décret du 25 janvier 1930, ensemble ses textes subséquents,

Vu l'ordonnance n° 60-084 du 18 août 1960 portant Code des douanes, ensemble ses textes d'application ou de modifications subséquents,

Vu la loi n° 63-015 du 15 juillet 1963 portant dispositions générales sur les finances publiques, ensemble ses textes de modification et d'application subséquents,

Vu l'ordonnance n° 9 du 22 février 1974 instituant un droit de sortie sur les produits forestiers,

En conseil des Ministres,

Décrète:

Article premier. - Toute exportation de produits forestiers doit faire l'objet de la part de l'exportateur d'une demande adressée à la Direction des eaux et forêts et de la conservation des sols, et précisant:

- la provenance des produits;
- la quantité et la nature de produits exportés;
- les noms et quantité des produits de préservation appliqués aux produits à exporter;
- le port d'embarquement à Madagascar;
- le pays de destination.

Art. 2. - La Direction des eaux et forêts et de la conservation des sols transmettra, après instruction, cette demande à laquelle est joint un certificat d'origine, à la Direction du commerce et des prix pour la délivrance éventuelle d'une autorisation d'exportation.

sy vidin-javatra mba hamoahany ny fahazoan-dàlana haondrana raha ilaina.

And. 3. - Ny vokatra haondrana dia tsy maintsy hasiana ny fanafody sahaza azy mba hiarovana azy sy hisorohana, mandritra ny fotoana voafetra, ny famelazan'ny bibikely na ny olitra mety hanimba azy.

And. 4. - Omem-pahefana ny Foibem-pikarakarana ny rano sy ala ary ny fikajiana ny nofon-tany handrara ny fanondranana ny vokatra azo avy amin'ny ala raha toa tsy tomombana ny hatsarany sy ny toetoetrany sy raha tsy araka ny tokony ho izy ny fanafody natao taminy hiarovana azy.

And. 5. - Zon'ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra ny mametra na mandrara mihitsy na amin'ny fotoana inona na amin'ny fotoana inona, ny fanondranana ny vokatra iray na maromaro azo avy amin'ny ala.

And. 6. - Ny Minisitry ny Toe-karena sy ny Fitantanam-bola, ny Minisitry ny Fampandrosoana ny ambanivohitra no miadidy, araka izay tandrify azy avy, ny fantanterahana izao didim-panjakana izao izay havoaka amin'ny Gazetim-panjakanan'ny Repoblika.

Natao teto Antananarivo,
ny 22 febroary 1974.

Gabriel RAMANANTSOA.
Avy amin' ny Lehiben' ny Governemanta:

Ny Ministry ny Toe-karena sy ne
Fitantanam-bota,
Albert, Marie RAMAROSON.

Ny Minisitry ny Fampandrosoana ny
ambanivohitra,
Emmanuel RAKOTOVAHINY.

Art. 3. - Les produits exportés devront recevoir les traitements de préservation adéquats pour enrayer et prévoir temporairement toute attaque d'insectes ou de champignons dépréciant ces produits.

Art. 4. - La Direction des eaux et forêts et de la conservation des sols est habilitée à interdire l'exportation de lots de produits forestiers dont la qualité et l'état sanitaire ne sont pas convenables et le traitement de préservation administré jugé inadéquat.

Art. 5. - Le Ministre du Développement rural se réserve à tout moment le droit de contingenter, voire même de fermer l'exportation, d'un ou plusieurs produits forestiers.

Art. 6. - Le Ministre de l'Economie et des Finances, le Ministre du Développement rural sont chargés, chacun en ce qui le concerne, de l'exécution du présent décret qui sera publié au *Journal officiel* de la République.

Fait à Tananarive,
le 22 février 1974.

Gabriel RAMANANTSOA.
Par le Chef du Gouvernement:

Le Ministre de l'Economie et des Finances,
Albert Marie RAMAROSON.

Le Ministre du Développement rural,
Emmanuel RAKOTOVAHINY.